MAHITSY 4

# VEHIVAVY MATY NOKENDAINA SY NODAROHANA TAO AN-TRANO

MARINA IZANY ! 6

## OMALY TSY MIOVA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


IZY NO IZY 16

## RAZAFINDRABE EDSON

## NAMPITA ANKIZY AMIN'NY FIANA-RANA



**Laharana 7849** Taona faha-26 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Zoma 19 aprily 2024


KANDIDÀ DEPIOTE ENY ATSIMONDRANO 6

## "MITONDRA FITSAHARANA SY FIADANANA NY ISA FITO"



FANENDRENA TOMPONANDRAIKI-PANJAKANA AMBONY 7

# "ESORY AMIN'NY DEPIOTE NY FAHEFANA HANADIHADY IREO DOSIE", HOY NY CSI




TARIKA GREEN 2

## NAMOAKA VAZO SY MPI-KAMBANA ROA VAOVAO

TETEZANA-AMBOHIMANAMBOLA

## LEHILAHY 1 HITA FATY

4







## Tafa....sika

James (Anay)

# "Mila mitandrina amin'ny lafiny rehetra rehefa malaza"

*James na Dadan'i Anay. Lasa anaran'i Benjamin Ranohatrarison, mpilalao filma gasy anisan'ny manana ny toerany eto amintsika ankehitriny. Filma efatra no efa nolalaoviny : "Bitsika", "Osika", "Faningom-paka", "Anay"*







***Gazetiko*** : Mpilalao filma anisan'ny manana ny toerany ianao. Filma maromaro no efa nahitana anao : *"Bitsika", "Osika", "Faningom-paka" , "Anay"*. Fa ity farany ity no tena naha tafapetraka ny anaranao ka nahatonga anao nomen'ny olona anarana hoe James na dadan'i Anay. Tantarao ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao lasa mpilalao filma malaza ?

**James** : "*Tamin'ny 2019 nanao « master class » nianatra momba ny filalaovana teatra. Tamin'ny 2020 aho nahita tamin'ny fesiboky hoe misy manao « casting » (fifantenana mpilalao). Dia mba lasa nanandrana, satria hitako hoe mety ho voafehiko izany milalao sarimihetsika izany. Kinanjo lany soamantsara. Hitako hoe nanampy ahy ny nanaovako ilay "master-class", izany hoe nianatra teatra ka somary tsy dia nanahirana ihany na somary sarotra aza"*.

***Gazetiko*** : Misy rohim-pihavanana ve sa tena zanakao i Anay ? Torak'izany koa i Mami amin'ny filma Anay iny. Tena mamanao ve iny ? Nanao casting ve ianao tamin'ny nilalao filma sa misy miantso fotsiny ? Nanaraka fiofanana ve ianao talohan'ny nilalaovanao filma ?

**James** : "*Tena tsy mpihavana , tsy misy rohim-pihavanana ary tsy mifankahalala akory izaho sy Anay, na izaho sy Maminette fa tao anatin'ny filalaovana filma vao nifankahalala.*

*Araka ny voalazako etsy ambony. Tsy nanaraka fiofanana izany aho talohan'ny nilalaovako filma fa « master-class » no nataoko »*.

***Gazetiko*** : Inona no tombotsoa azonao tamin'ny filalaovana filma ? Inona no hitanao hoe lafiratsin'ilay hoe malaza, mpilalao filma malaza ? Efa fanirianao hatramin'izay ve izany hoe hilalao filma izany ? Iza no mpilalao filma tena ankafizinao taloha ?

**James** : « *Tombotsoa tamin'ny filalaovana filma ! Somary misokatra kokoa ny lalana amin'izay atao rehetra amin'izao. Mahafantatra anao daholo ny ankamaroan'ny olona dia moramora kokoa ny manao zavatra indraindray. Fa misy lafiratsiny ihany koa anefa izay be mpahafantatra izay, satria lasa be ny mpitsikera. Tsy afaka manao zavatra hafahafa fa mila mitandrina be satria tonga dia sary amin'ny fesiboky avy hatrany.*

*Efa faniriako mihitsy ny hilalao filma. Fa tiako nanomboka teo amin'ny fahatanorana ny manao filma ary mpanafika ilay video eny amin'ny tanana ireny mihitsy aho tamin'izany."*

***Gazetiko*** : Mahavelona ve ny milalao filma ? Ankoatra ny filalaovana filma inona no anton'asanao ? Tsy manelingelina ny asanao ve ny filalaovana filma ? Inona no talentanao ankoatra ny milalao filma (mihira, mitendry zavamaneno, mandihy, manjaitra....). Efa namirapiratra ve tamin'izany talentanao hafa izany ?

**James** : « *Tokony hahavelona ny filalaovana filma raha misy foana ny horonan-tsarimihetsika lalaovina dia mandeha manao « tournage ». Ilaina ihany koa ny tohana avy amin'ny fanjakana indrindra ho an'ny mpilalao.*

*Mpanao volo ny asako (Coiffeur lahy, vavy), mpanentana , paoiste (conception, impression) no asako.*

*Mihira no tena tiako sy manavanana ahy. Efa nanomboka tamin'ny adolantsento, namorona mihitsy tamin'izany »*.

***Gazetiko*** : Inona no sporo fanaonao ? Manana mpampiakanjo ve ianareo amin'ireny filma ireny ? Manana mpanao volo sy mpikarakara tarehy ve ? Saropiaro ve ny vady aman-janakao mahita anao milalao filma ?

**James** : « *Ny lomano no nataoko taloha fa amin'izao aho manao « randonné » indraindray sisa.*

*Manana mpampiakanjo sy mpanao volo manokana izahay fa afaka mitondra ny anay ihany koa na izany aza.*

*Tamin'ny voalohany, saropiaro ny vady amanjanako fa fantany ihany hoe asa toy ny asa rehetra ihany avy eo dia nilamina izy ireo »*.

**Nangonin'i Fy**

Tarika Green

# Namoaka vazo sy mpikambana roa vaovao

"*Fiainana vaovao*". Io no lohatenin'ny rakitsary vaovao navoakan'ny tarika Green. Fiainana vaovao araka ny fiainana arapanahy lazain'ny tononkira ary fiainana vaovao ihany koa ho an'ny tarika. Mpikambana vaovao roa no niditra nanatevin-daharana an-dry zalahy ireto ankehitriny. Voalohany, i Tsiory Aaron Ralambo eo amin'ny fivelezana ny amponga maroanaka (batterie). Ny faharoa, Landry Keyan eo amin'ny fihirana (vocal).



**Landry Keyan , hanampy an'i Jacquot amin'i feo.**

Nanamarika ny mpikambana fa mbola eo hatrany i Jacquot Christian Randrianarison, izay mpikambana feno tao anatin'ny tarika hatramin'izay. Samy hitondra ny feony hamelona ny hiran'ny tarika izy mirahalahy mianaka ireo : Jacquot sy Landry Keyan. Ankoatra ny fandraisana ny vazo, hitendry vatamaroafitsoka (clavier) i Landry indraindray. Antenaina fa hitondra ainga vao ho an'ny tarika Green ny fanampiany olom-baovao ao anatin'ny tarika.

**Fy**

Big MJ

# Hifamotoana amin'ny mpankafy eto Antananarivo eny Ivato

Ao amin'ny Les Cygnes eny Mandroso Ivato no hifamotoana amin'ny mponin'Antananarivo ny lehilahy manambola Big Mj anio hanomboka amin'ny 9 ora alina. Tsy hizara vola akory izy amin'io fotoana io fa hizara hafanana sy fitiavana ary hafaliana amin'ny alalan'ny mozika sy ny kanto. Alina miavaka ao amin'ny Les Cygnes ity iarahana amin'i Big Mj ity, satria dia ambiansy tsy hisy farany. Anisan'ny nampiavaka an'i Big Mj tamin'ity taona ity sy tamin'ny taona 2023 ny fiarahany mihira amin'ireo mpanakanto hafa toa an'i Yoann Loic Nael, Arion Joy Agrad sy ny maro hafa. Entiny mandritra ity fampisehoana ity ireny hira ireny, fa ankoatra izay dia hitondra



ireo hira nahafantarana azy ihany koa izy, ka anisan' izany ilay hira hoe "Aza miady amin'ny Télé", Tsisy Défaut", "Bmola ho Ngoma" sy ny maro hafa. Betsaka ihany koa ny zavatra tsy hampoizina hatolotr'i Big Mj hitranga amin'ity anio ity. Zoma faran'ny herinandro ihany koa ny anio izay zoma hanalana ny havizanana vokatry ny asa aman-draharaha nandritra ny herinandro sady fanomanana sahady ihany koa ny herinandro vaovao.

**Nangonin'iTiaray R**

Teatra Malagasy - Tropy Ilo

# Holalaovina indray etsy amin'ny Ivokolo i "Mose Lemera"





**Roapolo mianadahy efa za-draharaha sy manana traikefa no hilalao ny teatra Mose Lemera.**

Ny volana aogositra taona 2023 no nilalaovan'ny Tropy Ilo tao amin'ny Ivokolo Analakely ilay teatra mitondra ny lohateny hoe "Mose Lemera". Noho ny fangatahan'ny maro, satria betsaka no tsy afaka nanatrika tamin'io fotoana io, dia hamerina hilalao izany indray ry zareo ny alahady 28 avrily izao hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany. Araka ny fanazavan'i Christian, mpikambana ao amin'ny Tropy Ilo dia tantara mahatsikaiky kanefa mifono anatra sy azo akana lesona tsara ity teatra "Mose Lemera". Mizara roa miavaka ny fizotran'ny tantara ka ny fizarana voalohany dia ny nahatonga ilay raim-pianakaviana ho lasa "Mose Lemera", ny zaodahiny no nampirisika azy. Amin'ny tapany faharoa kosa ny hevitra nentiny hanatanterahana ny mariazin-janany vavy tokana. Mifamahofaho ao ny olana sy ny fanantenana maro samihafa. Misy ny tanteraka fa ao koa ny nandamoka. "Mifono anatra satria natao hitaizana ny olona ho tia sy hanaja ny kolontsaina malagasy", hoy hatrany ny fanazavana. Nampifandraisan-dRatsimbason Emile, nanoratra ny tantara, amin'ny zava-misy hitany sy tsapany moa ny tantara ary haharitra ora iray mahery kely eo ny hanehoana azy an-tsehatra. Ravaloson Haja kosa no nandrindra azy ho azo lalaovina eny an-tsehatra. Roapolo mianadahy eo no hilalao azy, ahitanaan'i Ravo, Kanto, Nono, Chrisianie, izay efa za-draharaha eo amin'ny filalaovana tantara sy teatre na dia mbola tanora vao herotrerony aza.

Noho izy mifono anatra sy mahatsikaiky dia azon'ny sokajin-taona rehetra jerena fa tsy nasiana fanavahana. Efa azo jifaina dieny izao ao amin'ny Aroptic etsy Antanimena akaikin'ny BFV SG sy amin'ny andron'ny fampisehoana ny ny tapakila.

**Tsy ampy fitaovana**

Marihina fa ny Tropy Ilo dia mpikambana feno eo anivon'ny Fikambanan'ny mpanao Teatra Malagasy efa hatramin'ny taona 2007. Tao anatin'ny Tropy Georgette izy ireo taloha fa mba hanomezana sehatra ny tanora no antony nananganana ny Tropy Ilo. Na eo aza ny olana sedraina noho ny tsy fahampian'ny haingon-tsehatra sy ny pitsopitsony miaraka aminy dia miezaka amin'izay eo am-pelatanany ry zareo mba hanomezana fahafaham-po ny mpankafy teatra sy ny tantara an-tsehatra. Ny Tropy Ilo ihany no manamboatra ireo haingontsehatra ireo sy mamindrafindra izany eny ambony sehatra amin'ny fotoana ilaina azy mba hampisy tsirony ny fizotran'ny tantara. Ny vola azon'izy ireo amin'ny fampisehoana tahaka itony ihany no hanangonana ireo fitaovana ilaina rehetra. Araka izany, ny fanohanana azy ireo no hampivoatra ho amin'ny tsaratsara kokoa ny teatra malagasy. Mbola manao antso avo amin'ny fitondrana isan'ambaratongany hatrany moa ny mpitia teatra malagasy mikasika ny fitaovana ampiasan'ny mpanao teatra.

**Tiaray R**

Mily Clément, Tianjama, Jean Rigo, Jaojoby

# Hiray sehatra eny amin'ny Espace Rose By Pass, anio









Manana ny tantarany eo amin'ny tontolon' ny kanto ataony ary anisan'ny nanandratra avo ny salegy raha Mily clement, Tianjama, Jean rigo, Jaojoby. Hiray sehatra sy hanome hafanana ny lanonana eny amin'ny Espace Rose By Pass ry zareo anio hanomboka amin'ny 8 ora alina. Samy hitondra ireo hira nahafantarana azy hatramin'izay ry zareo saingy mety hisy ny fiarahana mikalo amin'ny hira maromaro. Ankoatra izay, maro ny zavatra tsy hampozina hitranga eny an-toerana amin'io fotoana io ka ny fahatongavana sy fanatrehana izany fety aman-danonana izany no hahitana azy. Toerana milamina sady malalaka ihany koa ny ao amin'ny Espace Rose eny By Pass. Azo antoka tsara ny fandriam-pahalemana. Hanome tsiro ny fampisehoana ihany koa ny tolotra sakafo sy zava-pisotro mampiavaka ny toerana. Manginy fotsiny ny jiro maro loko sy ny haingon-tsehatra. Ankilany, hitondra ny mpankafy hitety vanim-potoana ihany koa izy efadahy sangany amin'ny mozika salegy ireto. Hanakoako eny an-toerana ry "Banja malalaka" sy "ho Meva" an'i Mily Clement. Toy izany ihany koa ny "Ambiansy Tropikaly" hiran''i Tianjama sy "Mitadiava". Anisan'ny tafiditra ao anatin'ny fandaharankira ataon'i Jean Rigo ihany koa ilay hoe "Namana" sy "Aza malahelo". Hanasongadina ny "Mangala vaiavy" sy "Alima" i Jaojoby Euseb.

**Tiaray R.**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-14)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, bisikileta, machine, kahie, debara. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-9)

* Lamba, kiraro, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-7)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA805/10-2)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-9)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 804/4-1)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-6)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-7)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 807/6-1)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 807/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 807/6-1)

Mahitsy

# Vehivavy maty nokendaina sy nodarohana tao an-trano

Vehivavy iray 59 taona no maty novonoin'olona tao antranony afakomaly vao maraina tany Mahitsy. Fantatra fa nokendaina sy nodarohana ity vehivavy ity. Nahitana dian-tanana fanakendana sy dian-drangotra mantsy teo amin'ny tendany sy ny vozony. Nahitana faritra mangana ihany koa teo amin'ny firihifany havanana. Ankoatra izay dia nisy ratra nisokatra tokony ho iray sentimetatra ny halaliny teo amin'ny ila handriny havia. Hatairana ny an'ny olona raha nahita ity ramatoa ity naratra mafy ka nentin'ny fokonolona sy ny fianakaviany namonjy hopitaly haingana izy taorian' izay. Saingy noho ny fahavoazana mafy loatra nahazo azy dia tsy tana intsony ny ainy nony tonga tany. Fa nanoloana ity vono olona ity dia efa tonga nisy nampandre tany amin'ny tobimparitry ny zandary tany antoerana ka vantany vao nandre izany izy ireo dia nandeha nanao fidinana ifotony niaraka tamin'ny dokotera.

**Efa misy ahiahiana**

Nandritra ny fitsirahana nataon'izy ireo tao amin'ilay trano dia efa tsy tratra tao ilay ramatoa naratra fa io efa nisy nitondra nankany amin'ny hopitaly io. Radio feno rà no hitan'ireo mpitandro filaminana tao izay heverina ho isan'ny fitaovana nikapohana an'ilay vehivavy. Ny solonifiny ihany koa hita nilatsaka tao an-tranony. Fantatra ihany koa fa tsy nisy vaky ny varavarana tao amin'ny efitra natorian'ity ramatoa niharam-boina ity. Tsy fantatra izay jiolahy nahavanondoza. Araka ny fanazavana dia efa-mianaka izy ireo no iray trano tao dia ilay ramatoa sy ny zana-drahavaviny, mpanampy iray ary vehivavy iray avy any Ambatolampy nivahiny tao izay voalaza fa zana-drahavaviny ihany koa. Tsy fantatra hatreto izay antony namonoan'ny olon-dratsy ity ramatoa ity fa amin'izao fotoana izao dia efa misy ny olona ahiahiana momba izany ka efa hatao famotorana any amin'ny mpitandro filaminana. Marihina fa ramatoa mpivarotra any mahitsy ihany ity nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana ity. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Sakaraha

# Voatifitra ny iray tamin'ireo mpianakavy manao asan-dahalo mamono

Mpianakavy manao asandahalo, ela nampihorohoro vahoaka, no ravan'ny zandary. Izy ireto dia misy ny mandray anjara manao fanafihana mitam-piadiana, manao vono olona, halatra omby ary fisakanan-dalana. Ny sasany manao ombiasy ka mamatsy ody ratsy hanamasina ny asan-dahalo atao. Mipetraka ao amin'ny kaominina ambanivohitra Vineta distrikan'i Sakaraha ireo olon-dratsy ireo. Nisy ny fitarainana azo ary efa narian'ny mponina tsy ho anisan'ny mpiray monina intsony ry zareo. Raha ny fantatra dia omaly tokony ho tamin'ny 6 ora maraina no niditra an-tsehatra tao amin' ny toerana fiafenan'ireto dahalo ireto ny zandary. Anisan'ny nokarohina tamin' io i Fiambera Bruno, fantatry ny maro amin'ny solon' anarana hoe Vandame. Io farany sy ny ekipany no mizohy ao amin'ny ala anatin' ny fokontany Tsianaloka, kaominina Vineta, distrikan' i Sakaraha. Nanomboka tamin'ny 2 ora maraina ny mpitandro ny filaminana no efa nanao aro sarona ny ala fiafenan'izy ireo. Izany hoe voahodidina zandary ilay toerana. Raikitra ny fifampitifirana nandritra izany ary iray tamin'ireo dahalo no lavon'ny bala. Lehilahy antsoina hoe Tsiliso, sahabo 25 taona eo ho eo no namoy ny ainy tamin'ny fotoana io .



Ilay mpimasy sy ny vehivavy sakaizan'ireo dahalo azo sambo-belona.

**Hazalambo**

Izy io dia mpirahalahy iray tampo amin'i Vandame ary mbola tratra teny an-tanany ny basim-borona vita gasy nitifirany an'ireo zandary. Tafaporitsaka nitsoaka kosa ilay Vandame sy ny namany iray. "*Nitohy tamin'ny fisavana ny trano ny mpitandro ny filaminana ka azo sambobelona ny ray niteraka an' ireo dahalo ireo, izay tena ombiasa maniraka sy manome ody ratsy azy ireo. Voan'ny bala amin'ny tongony ihany koa ny tovovavy iray mpiray petsapetsa amin'izy ireo ao amin'ny toerana fiafenan'izy ireo ity. Ankoatra izay dia basy vita gasy iray tsy misy nomerao no tratra taorian'ny fisamborana",* hoy ny loharanombaovaoavy any an-toerana. Mbola mitohy ny fanaovana hazalambo ireo dahalo hafa tafaporitsaka. Ity hetsika ity dia nahafaly ny vahoaka tao amin'ny kaominina ambanivohitra Vineta ary manantena izy ireo fa hilamina sy handry fahalemana amin'izay any antoerana.

**Deyland**

Ambohimanambola

# Lehilahy iray hita faty tao ambany tetezana

Lehilahy iray 37 taona no hita faty tao ambany tetezana, ao amin'ny fokontany Tanjonandriana, eny amin'ny kaominina Ambohimanambola, afakomaly antoandro.

Tsy nahitana ratra ivelany ny vatany, araka ny filazan'ny nahita maso ny razana. Vetivety dia vory lanona nitangorona nijery ny razana teo ny fokonolona. Fa efa nisy nampandre mikasika ity faty hita ity ihany koa ny zandary ka nandeha nanao fitsirahana tany amin'ilay toerana nisy ny razana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Ambohimanambola. Nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo teny dia hita tao ambany tetezana ilay lehilahy, matory mitsilany. Araka ny fanazavana azo dia efa ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina no nahitan'ny olona azy velona farany ary efa mamo be. Dia tsy fantatra araka izany na natory dia tsy nifoha tao intsony vokatr'io hamamoana diso tafahoatra io izy ny nahatonga ny fahafatesan-dralehilahy na antony hafa mihitsy.

*Ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina no nahitan'ny olona azy velona farany ary efa mamo be.*

**Tsy nanana trano**

Araka ny fanazavana azo hatrany dia nilaza ny mponina teny amin'ny manodidina fa efa nanambady ity lehilahy ity tany taloha fa efa nisara-bady izy. Taorian'izay dia tsy nanana trano nipetrahana intsony ity farany ka nonina tao ambanin'io tetezana io. Dia ao izy no mipetraka sy matory amin'ny alina. Araka ny filazan'ireo olona eny an-toerana hatrany dia misotro toaka isanandro ity lehilahy ity ka mamo foana araka izany. Tsy manana anton'asa raikitra ihany koa fa mivezivezy eran'ny tanàna eny fotsiny. Rehefa nahafantatra ny zava-misy ny fianakaviany dia efa tonga teny antoerana ka taorian'ny fizahana natao dia efa natolotra azy ireo ny razana hikarakara ny fandevenana azy. Ny zandary avy ao amin'ny zana-tobim-paritra Ambohimanambola no nandray an-tanana mikasika ity tranga ity.

**T.H**

Alasora

# Mpanao hala-botry tratra niaraka tamin'ny antsy sy basy kilalao

Trà-tehaky ny andrimasom-pokonolona teo am-panaovana ny asa ratsiny ity lehilahy iray mpanao hala-botry teny Mendrikolovana, kaominina Alasora, ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 01ora maraina. Nantsoina avy hatrany ny mpitandro filaminana nisambotra azy ka vetivety dia tonga ireo zandary mpanao fisafoana. Rehefa nosavain'ny zandary izy dia tratra teny am-balahany ny antsy lava iray niaraka tamin'ny basy kilalao. Mbola tratra teny aminy ihany koa ireo zavatra nangalariny, izay nahitana mangahazo sy karaoty tao anaty gony. Raha ny fanazavàna azo hatrany dia mpanao hala-botry eny an-tsaha izy ity ka ireo fambolena no tena ataony lasibatra ary izao anaovany latsaka alina izao mihitsy. Efa mailo amin'ny resaka tsy fandriam-pahalemana anefa ny mponina eny an-toerana ka misy hatrany ireo andrimasom-pokonolona manao fiambenana ny tanàna rehefa alina ary izay no nahatratrarana azy.

**R.C**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Alarobia Ambatomanga

## Ombin-tsarety nisy nangalatra, taolana sisa



Izao sisa ilay omby !

Tonga dia novonoin'ireo olon-dratsy teny an-dàlana ity ombin-tsarety iray avy nangalariny tao Ankadimbazimba, kaominina Alarobia Ambatomanga ity. Nalainy avokoa ny nofony rehetra fa ny taolany sisa navelany teo niaraka tamin'ny lohany sy ny taovany. Nandritra ny fikarohana nataon'ny fokonolona moa no nahitàna izany. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana. Vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny zandary avy ao an-toerana sy ny borigadin'Ankadinandriana dia trà-tehaky ny lehilahy iray nitondra hena nampiahiahy. Nandeha tamin'ny fiara fitateram-bahoaka iray hihazo aty Andrenivohitra ilay lehilahy io no trà-tehaky ny zandary avy ao Masindray. Nampiahiahy avy hatrany mantsy ny entana nentiny, izay nofon-ken'omby roa gony milanja 90 kilao eo. Tonga dia notanana natao famotorana izy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa anisan'ny voarohirohy tamin'ilay halatra omby nitranga tany Alarobia Ambatomanga izy ity. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ireo namany satria tsy vitan'izy irery ny hangalatra sy hamono ary handrasa omby izany.

R.C

Bealanana

# Zazalahy 13 taona hita faty, nifatotra lamba ny tendany

*Ny fatiny teo ambony fandriana no novantanin'ny reniny.*

Hatairana ny an'ity renim-pianakaviana iray ity raha nahita ilay zanany nikiraviravy teo ambony fandriana toa tsy nihetsika intsony tao anaty trano iray, tao Bealanana. Rehefa nozahany akaiky dia efa tsy nisy aina intsony ary nifatotra vorodamba ny tendany. Nikoropaka niantso vonjy tamin'ny manodidina haingana izy ka taitra avokoa ny mpiaramonina raha nahita ny zava-nitranga. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Tao amin'ny fokontany Antanimanga, kaominina Bealanana, no nitrangan'izany ny talata lasa teo ary tokony ho telo ambinifolo taona eo ilay zazalahy hita faty io, izay mbola mpianatra kilasy faha-7. Vetivety moa dia niely teo an-tanàna ity vaovao ity ka nampisavorovoro ny maro tokoa ny zava-nitranga. Raha ny



Ny fatin'ilay zazalahy !

fanazavàna hatrany dia tsy nisy olona tamin'io trano nahitàna ny fatin'ilay zazalahy io.

**Tsy fantatra**

Taorian'ny fizahana nataon' ny dokotera sy ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fianakaviany avy hatrany ny razana. Tsy mbola fantatra mazava kosa hatreto ny tena antony nahafaty ity ankizy ity. Fa raha ny tombatomban'ireo nanatrimaso dia mety ho nisy namono izy nefa nisy ihany koa ireo nilaza fa mety ho namono tena. Mahagaga ihany anefa raha ity farany satria mbola zaza loatra ilay izy, manampy izany ny fomba nahitàna ny fatiny izay toa mampiahiahy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao fotoana izao ka mandeha ny fanadihadiana hahalalana ny tena marina.

R.C

Kolonely Faneva

# Tsy latsaky ny 5 000 lahy ny vatan-dehilahy nilavo lefona, hiroso amin'ny famongorana ny dahalo ambony latabatra

Mahabo ! "Io distrika io amin'izao no mbola mafampana amin'ny asan-dahalo fa ny ao Menabe kosa efa milamina », hoy ny kolonely Fanevarison Onimihary Ralaiavy,lehiben'ny vondrotobim-paritry ny zandary. Omaly, tsy latsaky ny 5000 lahy ny vatan-dehilahy voaangona tao amin'ny distrikan'i Mahabo. Nilanja famaky izy ireo ary nihorakaroka eraky ny arabe, sady nitsena ny fahatongavan'ny kolonely Faneva. Raha ny angom-baovao voarainay dia vatan-dehilahy nilavo lefona avy amin'ny kaominina manodidina izy ireo, resy lahatra fa handray anjara amin'ny fampandriana fahalemana. Misy amin'ireo no dahalo taloha. Izany hoe ireny dahalo manao andiany ireny, saingy nilaza ny tsy hanao dahalo intsony, raha ny loharanom-baovao hatrany. Nifanaiky tamin'ny tomponandraikitra tao an-toerana ny kolonely Fanevarison Onimihary Ralaiavy, lehiben'ny vondrotobim-paritra ny zandary Menabe.



Ao aorian'ny Kolonely Faneva ireo tanora nilavo lefona.

**Paikady**

Nifanarahana fa hotohizana ny hetsika fampianarana an'ireo tanora ireo. Nisy ny fivoriana nametrahana ny lamina sy paikady amin'ny andrimasom-pokonolona, na ny hoe Njado. Koa nanomboka omaly alina dia miasa avy hatrany ny ekipa. *« Roa volana teo izay no nandaminako ny taty. Ny ao Mahabo no tena henjana, fa Menabe efa milamina. Mba hialana amin'ny hoe "opération" lava izay hita fa manimba ny sain'ny olona dia napetraka ny hoe milavo lefona. Na hoe Njado tanora aron'ny vahoaka. Nampianarina fomba fiainana vaovao ireo tanora ireo ary napetraka eo ambany fiahian' ny lehiben'ny vondrotobimparitry ny zandary. Hapetraka amin'izany ny fandriam-pahalemana maharitra. Nisy mantsy ireo nifona , nisy ny natahotra ka io no natao hoe nilavo lefona . Mitohy ihany ny ady ary hiroso amin'ny famongorana ny dahalo ambony latabatra isika izao. Raha tsy fongana ireo dahalo ambony latabatra dia tsy misy dikany ny fandriampahalemana. Ireo mpanimraka sy ny mpamatsy bala no henjehina indray amin' izao»*, hoy hatrany ny Kolonely Fanevarison Onimihary Ralaiavy, lehiben'ny vondrontobim-paritry ny zandary ao Menabe. Nafana moa ny lanonana tao Mahabo omaly nandritra ny fanokafana izany tamin'ny fomba ofisialy.

Deyland

Filoha lefitra Jean Jacques Rabenirina

# "Tsy maintsy mandalo birao maharitra ny fanapahan-kevitra raisina eny Tsimbazaza"

*Tontosa omaly, teny amin'ny Antenimierampirenena ny famindram-pitantanana teo amin-dRtoa Christine Razanamahasoa sy ny filoha lefitra, Jean Jacques Rabenirina.*



Ny filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha sy ny filoha lefitra mpisolo toerana.

Tontosa omaly, teny Tsimbazaza ny famindram-pitantanana teo amin'ny filohan' ny Antenimierampirenena teo aloha, Rtoa Christine Razanamahasoa, sy ny filoha lefitra misolo tena ny faritanin'i Fianarantsoa, ny depiote Jean Jacques Rabenirina. Hentitra ny filoha mpisolo toerana raha nanambara fa « tsy maintsy mandalo fivorian'ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra avokoa ny fanapahan-kevitra rehetra raisina, mahakasika ny fampanandehanan-draharaha eny amin'ny Antenimierampirenena. Raha mahakasika ny fiainan'ny Antenimierampirenena kosa dia miainga amin'ny birao maharitra ny hevitra, mandalo konferansa eo anivon'ny filoha ary ny fivoriana itambarambe no mamarana izany. Nomarihiny ihany koa fa tsy misy solombavambahoaka hafa mahazo manao sonia taratasy eny amin'ny Antenimierampirenena, ankoatra ny filoha lefitra mpisolo toerana, raha tsy misy naoty navoaka manokana, ahafahana manatanteraka izany". Miainga amin'io fanazavana io dia tsy manan-kery izany ny taratasy nosoniavin'ny filoha lefitra misahana ny faritanin'Antananarivo, nanafoana ny didim-pitondrana manendry ny talen'ny arofenitra, eo anivon'io andrimpanjakana io, niteraka resabe andro vitsivitsy lasa izay.

**Tsy ho sakana amin'ny fampandehanan-draharaha !**

Ankoatra izay dia nitondran'ny filoha lefitra misolo toerana ny filohan'ny Antenimieram-pirenena fanazavana ihany koa ny fitohizan'ny fampandehanan-draharaha, eny Tsimbazaza mandritra ny fampielezan-kevitra. Marihina fa kandidà ho solombavambahoaka, amin'ny 29 mey, any Betioky Atsimo, ny depiote Jean Jacques Rabenirina. Ny dikany, tsy maintsy hihazo ny distrika naha-voafidy azy, handresy lahatra ny mpifidy ny lehilahy, manomboka amin'ny 8 mey ho avy izao, fotoana hanombohan'ny propagandy. Tsy hahasakana ny fampandehanan-draharaha eny amin'ny Antenimierampirenena ny tsy maha eo ahy, hoy ny filoha lefitra, satria efa nisy ny fifampiresahana tamin'ny sekretera jeneraly eo anivon'ny Antenimierampirenena. Ary eo ihany koa ny mpikambana hafa ao amin' ny birao maharitra. Tsiahivina fa miisa 12 ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra ary taorian'ny nanalàna ny filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha tsy ho solombavambahoaka dia 11 izy ireo sisa manohy ny asa, eny Tsimbazaza.

V.R.

## Marina izany !

### Omaly tsy miova !

**Mbola tsy ato ho ato no hiova mankany amin'ny tsara ny fanaovana pôlitika eto. Antony, ny omaly tsy miova ny zava-misy: Mbola ireo mpiantsehatra hatramin'izay, nahabe resaka ihany ny ankamaroan'ny kandidà vinavinaina ho eny Tsimbazaza. Itsy farany no andrimpanjakana napetraky ny lalampanorenana hanara-maso ny asan'ny mpanatanteraka izay iarahan'ny rehetra mahita sy miaina fa tsy mametraka ho laharam-pahamehana ny tombotsoam-pirenena, rehefa tarafina amin'ny ankamaroan'ny fanapahan-kevitra raisiny. Tsy resahina intsony ny fifanoheran'ny fanambarana atao eny ambony latabatra sy ny zava-misy eny an-kianja izay ahariharin'ny fahasahiranan'ny isan-tokantrano, raha tsy hitanisa afa-tsy ny sondro-bidin'ny ny kojakoja ilain'ny mponina andavanandro ; ny delestazy ; ny tsy fahampian'ny rano fisotro madio ; ny tsy fisian'ny asa ho an'ny tanora ; ny fahapotehan'ny fampianarana; ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana sy ny kolikoly…Ny omaly tsy miova ihany koa ny fomba fanaon'ny mpanao pôlitika, isaky ny fotoam-pifidianana. Mitohy hatrany mantsy ny fampiasana fahefam-panjakana, amin'ny alalan'ny baiko midina mba hampandresena ny kandidà avy amin'ny antoko momba ny fitondrana. Mitohy ihany koa ny sakantsakana sy ny ramatahora fanao amin'ireo mpifaninana atahorana handresy, mba hahatonga ny kandidà sasany hanjaka tokana. Manginy fotsiny ny paipaika pôlitika kendrena hanohanana ny kandidà ahiana tsy hahazo vato. Ireo aloha no tsikaritra ho mateti-pitranga, amin'izao mialoha ny fifidianana izao. Ahiana ho mbola hitohy ny fanodinkodinana ny vokapifidianana, indrindra any amin'ireny faritra lavitra andriana ireny, raha tsy mailo ny mpifaninana!**

Voahangy Rakotozafy

Contactez-nous
directement
PAR MAIL
dokamidi@gmail.com
midimadagasikara

Kandidà depiote eny Atsimondrano

# "Mitondra fitsaharana sy fiadanana ho an'ny vahoaka ny isa fito"

Fito ny isan'ny kandidà ofisialy hiatrika ny fifidianana Solombavambahoaka eny amin'ny distrikan'Atsimondrano amin'ny 29 may ho avy izao. Efa samy nahazo ny laharany avy tetsy amin' ny OVEC Atsimondrano, tetsy 67 ha izy fito mianadahy mianaka ireo ny alarobia lasa teo. Tamim-pirahalahiana tanteraka no nandraisan'ireo kandidà ny laharany tsirairay avy ary nisy mihitsy ny fiarahan'izy ireo naka sary tamin'izany. Samy nanana ny fandikany ny laharana azony avy moa ireo kandidà mpifaninana ireo. Fito ny isan'ny kandidà eny Atsimondrano, ny kandidà Alain Ratsimbazafy no nisalotra ny laharana faha-fito. "*Amiko, ny dikan'ny nahazoako ny isa 7 dia hitondra fiadanana ho an'ny vahoakan'Atsimondrano amin'ny fitondrana ny teniny eny anivon'ny Antenimierampirenena.*", hoy ity kandidàn'Atsimondrano ity. Hentitra izy nanambara fa vonona hatrany hisolo vava ireo vahoaka amin'ny fametrahana ireo lalàna mety amin'ny vahoaka Andriamanjaka mba hahazoan'ny tsirairay tombontsoa ka hisian'ny fiadanana sy fitsaharana eto Madagasikara. Manana tombony manokana i Alain Ratsimbazafy raha mitaha amin'ireo kandidà mpifaninana noho izy efa nahavita asa nandritra ny 5 taona. Misy ihany koa ny fifandraisana amin' ireo vahoaka sy ny mpifidy izay mbola ezahiny hitombo amin'ny fifandresen-dahatra.

**Lisitra faharoa**

Misy pastora roa moa ny mpiray lisitra amin'ny kandidà Alain Ratsimbazafy amin'izao fifaninanana masina izao. Mbola namafisin'ny Pastora Daniel Randrianaly, lisitra faharoa miaraka aminy, fa "*isa manan-kasina, isa masina ny isa 7 sady isan'ny manandanja indrindra amin'Andriamanitra raha ho an'ny vahoakany.*" Notanisainy tamin'izany ireo karazapahasoavana voatanisan'ny baiboly mikasika ny isa 7. Toy ny hevitry ny teny hoe : Sabata amin'ny andro fahafito. Ny hazandrano 2 sy mofo 5 izay mbola ahitana ny isa 7, sns. Fehiny "*Ny isa 7 no nitondran' Andriamanitra fitsaharana ho an'ny vahoaka sy nanomezany azy fiadanana.*", hoy ity mpitondra fivavahana ity. Efa ao anatin'ny hazakazaka ho eny Tsimbazaza ny rehetra ka hiparitaka manerana an'Atsimondrano. Ny fampahafantarana amin'ny vahoaka ny laharana entiny sy ny fametrahana ireo ivon-toerana manerana an'Atsimondrano amin'ireo faritra tokony hisy izany no mahamaika ny kandidà amin'izao.

Niry R.




Ny kandidà Alain Ratsimbazafy no mitondra ny laharana faha-7 eny Atsimondrano.

Fanenjehana tomponandraiki-panjakana ambony

# "Esory amin'ny depiote ny fahefana hanadihady ireo dosie", hoy ny CSI

*Tondroin'io rafitra mitarika ny ady amin'ny kolikoly io ho sakana amin'ny fitohizan'ny asan'ny Fitsarana Avo ny Antenimierampirenena.*

Raha tsy mitsahatra ny manaitra ny Antenimierampirenena hamoaka ny vokatry ny fanadihadihana nataony mikasika ireo dosie am-polony mahavoasaringotra tomponandraiki-panjakana ambony teo aloha avy amin'ny Fitsarana Avo (HCJ) ireo herivelona samihafa eto amin'ny firenena dia mitaky ny hanesorana amin'ny solombavambahoaka izany fahefana izany mihitsy Rtoa Sahondra Rabenarivo, filohan'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana, na CSI, omaly. Vaky vava io tomponandraikitra mitarika ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara io tamin'izany fa lalaovin'ireo mpikamban'ny Antenimierampirenena ny fandinihana ireo dosie mahasaringotra olom-panjakana ambony teo aloha avy eny amin'ny Fitsarana Avo ireo ka zary lasa sakana amin'ny amin' ny fitohizan'ny asan'izany Fitsarana manokana izany izy ireo. Raha ny zava-misy, dimy taona eo ho eo izao no voapetraka teny Tsimbazaza ireo dosie am-polony mahavoasaringotra olona ambony avy amin'ny Fitsarana Avo ireo saingy mbola tsy nisy tohiny ihany izany hatramin'izao.



Rtoa Sahondra Rabenarivo, filohan'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana.

**Mihitsoka**

Efa samy nanaitra ny solombavambahoaka handinika izany na ny teo anivon'ny Fitsarana Avo na ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na ny Fitsarana Tampony saingy mbola mihitsoka eny ihany ny raharaha. Efa nilaza ihany koa ny depiote Tsabotokay Honoré, filohan'ny vaomiera manokana mikasika ity fanenjehana olona ambony ity, fa efa vita tanteraka ny asan'ny vaomiera tarihany fa miankina amin'ny fandinihana azy eo anoloan'ny fivoriana itambaram-be no hanapahana hevitra momba ireo dosie ireo. Ny manahirana, noho ireo antontantaratasy tokony hanenjehana ireo mpitondra fanjakana ambony teo aloha mihitsoka eny Tsimbazaza ireo dia mbola tsy afa-miasa ilay Fitsarana manokana ary mbola afaka miriaria eny anivon'ny fiarahamonina ireo mpitondra fanjakana teo aloha ahina ho nandika lalàna sy nampanankarena ny tenany manokana.

**Mamy R.**

Ady amin'ny kolikoly

# "Tsy nahitam-pivoarana firy, mitarazoka ny fampandehanana ny PAC"

Namoaka ny tatitry ny asa vitan'ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI) ho an'ny taona 2023 ireo tomponandraikitra eo anivon'izany rafitra miady amin'ny kolikoly izany raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny amin'ny toerampiasany etsy Andohatapenaka, omaly. Tsikaritra tao anatin'izany fa na dia teo aza ireo ezaka goavana sy dingana nataon'ny firenena malagasy toy ny fampivoarana ny rafitra anatiny iadiana amin'ny kolikoly eny anivon'ny minisitera sy andrim-panjakana isantsokajiny, ny fanamafisana ny lalàna amin'ny ady amin'ny famotsiam-bola, ny fampandehanana ny sampandraharaha misahana ny famerenana amin'ny fanjakana ny harena azo avy amin'ny tsy ara-dalàna, ny fampiharana ny paikadimpirenena miady amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana ary ny fanatsarana ny kalitaon'ny fikarakarana ny vaovao manodidina ny fampiasam-bola ary koa fanadihadiana lalina atao dia maneho hatrany ireo maridrefy iraisam-pirenena fa tsy nahitam-pivoarana firy ny ady amin'ny kolikoly sy ny famotsiam-bola teto Madagasikara.

**Fananana tsy ara-dalàna**

Manoloana izany, nanamarika ny CSI fa ny ady amin'ny kolikoly mahomby dia mitaky fandraisana andraikitry ny mpisehatra rehetra tsy an-kanavaka. Mifanindran-dalana amin' izany, nomarihan'ny fampitam-baovao avy eny anivon' ny CSI ihany kosa fa isan'ny sakana amin'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara ihany koa ny fitarazohana eo amin'ny fampandehanana ny fitsarana manokana miady amin'ny Kolikoly (PAC). "*Hatreto dia tsy mbola tafapetraka ihany ny PAC Fianarantsoa ary tsy mbola voatendry ireo mpitsara miasa eo anivon'ny PAC Antananarivo na dia efa tapitra aza ny fepotoam-piasana. Misy koa ireo asa maika tokony hotanterahina entina hamahana ireo sakana avy amin' ny fanjakana mahakasika ny fitsarana ny heloka bevava, hanatsarana bebe kokoa ny lalàna ary ny paika ampiharina anaty fiarahamiasa iraisam-pirenena, hanafoanana ireo sakana tsy ahafahana manageja ireo fananana tsy ara-dalàna, hamoaka vahaolana mahakasika ny fahasarotana amin'ny fametrahana ireo mpisitraka ny fahefana amin'ny alalan'ny kolikoly sy ny manodidina azy* », hoy io rafitra miady amin'ny kolikoly io tamin'izany.

**Mamy R.**


Mitaky ny fandraisan'ny rehetra andraikitra mba hamongorana ny kolikoly ireto tomponandraikitra ireto.

Manoloana ny fitantanana tsy mazava

# Andrasana ny fanokafana fanadihadiana, hahitana ireo mpitantana voasaringotra

Ankoatra ny fanapahan-kevitra hafa sy ny fanendrena tompon'andraikitra ambony maro dia noresahina nandritra ny fandalovan'ny filoham-pirenena sy ny mpikambana amin'ny governemanta tany Toamasina ny olana sedrain'ny orinasa Jirama. Io orinasam-panjakana mpamatsy herinaratra sy rano io dia nandraisan'ny mpitondra fanapahankevitra fa hankinina amin'ny teknisiana avy any amin'ny firenen-kafa ny fanarenana azy, rehefa nifandimby nitantana io orinasa io, saingy tsy nahitam-bokatra ny avy eto an-toerana. Nanamarika ny filohan'ny Repoblika fa misy olana ny fomba fitantanana ao amin'ny orinasa Jirama ary na dia mampidi-bola maro aza io orinasa io dia iniana tsy aloa ny volan'ireo orinasa mpamatsy solika. Manoloana izany, andrasana ato ho ato ny fanokafana fanadihadiana ao amin'io orinasa io, hahitana ireo tompon'andraikitra voasaringotra amin'izay fomba fitantanana tsy madio izay. Manana sampandraharaha manokana, miasahana izany fanadihadiana izany rahateo isika, raha tsy hitanisa afa-tsy ny sampandraharaha miady amin'ny kolikoly (Bianco).

**V.R.**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

“AFAFI-Centre” - Fampandrosoana ambanivohitra

# Nahazo famatsiam-bola fanampiny 8,15 tapitrisa Euro

*Vokatra avo roa heny no andrasana amin'ny fandaharanasa andiany faharoa.*




**Fanombohana ofisialy ny fandaharanasa " AFAFI - Centre ", andiany faharoa.**

Mitohy ny asa fampandrosoana. Nampahafantarina tamin’ny fomba ofisialy omaly teny Anosy ny fanombohan’ny tetikasa « AFAFI –Centre », adiany faharoa. Nahazoana famatsiam-bola fanampiny 8,15 tapitrisa Euro (manodidina ny 37, 7 miliara Ariary) avy amin’ny vondrona Eôrôpeana, ka tsy hitsahatra raha tsy amin’ny taona 2028. “*Nisy famatsiam-bola fanampiny nahetsika mba hoentina manamaivana ny fiantraikan’ny krizy any Okraina. Ny fanohizana ity fandaharanasa ity dia natao hiantohana ny fanjariantsakafo sy hanamafisana ny fanajana ny pôlitika ivelan’ny Vondrona Eôrôpeana eo amin’ ny lafiny tontolo iainana, ohatra, ny haren-javaboary, ny fihatsaram-piainan’ny mponina, sns. Azo lazaina araka izany fa nitombo avo roa heny ny famatsiam-bola tao anatin’ity fandaharanasa ity, ary natao haharitra, satria mbola hotohizana hatramin’ny taona 2028.*”, hoy ny lehiben’ny fiaraha-miasan’ny delegasiônina eôrôpeana eto Madagasikara, Arnaud Borchard. Tsiahivina fa nahazoana famatsiam-bola 12 tapitrisa Euro avy amin’ ny Tahirim-bola Eôrôpeana ho an’ny fampandrosoana, andiany faha-11 tapany voalohany, nanomboka ny taona 2020 ka hatramin’ny tapaky ny taona 2025, ny “FAFI – Centre” andiany voalohany. Faritra telo no niasany, dia Analamanga sy Itasy ary Alaotra Mangoro.

**Tetikasa dimy**

Nizara dimy ny fanatanterahana ny fandaharanasa dia ny Ambioka, na tetikasa fambolena legiôma sy hazo fihinam-boa ary fiompiana akoho gasy, ny Ampiana , na tetikasa fiompiana trondro an-tanimbary ; ny Diabe, na tetikasa fanamboarana arina fandrehitra manara-penitra sy fanapariahana fatana mitsitsy ary fambolen-kazo ; ny “Profi-Lait”, na tetikasa fiompiana ombivavy beronono, ary ny tetikasa Tafita. “*Miaina any ambanivohitra avokoa ny 80 isanjaton’ny Malagasy. Midika izany fa raha tsy misy fihatsarany ny fiainan’ ny mponina any ambanivohitra dia azo lazaina fa misy olana ihany ny lafiny fampandrosoana. Ny tena tanjona dia ny hanatsarana ny fari-piainan’ny tantsaha mpamokatra eo amin’ny lafiny fanjariantsakafo sy ny tontolo iainana, indrindra fa ho an’ny zaza amambehivavy*”, hoy Razafindrakoto Leondaris Yolande, tomponandraikitra ao amin’ ny “AFAFI - Centre”. Anisan’ ny vokatra efa azo tamin’ny fanatanterahana ny fandaharanasa andiany voalohany ny nahafahana namboly hazo tamin’ny velaran-tany 3 000 Ha, ny fametrahana toeram-pivarotana sy toeram-panangonana ronono, ny fanomezana tohana ho an’ireo tantsaha, sns. Avo roa heny tamin’ny vokatra azo tamin’ny andiany voalohany kosa no hotratrarina amin’ity andiany faharoa ity, toy ny fambolen-kazo amin’ ny velaran-tany 1 900Ha, ny fanitarana ny fiompiana trondro an-tanimbary, ary ny fambolena sakafon’omby amin’ny velaran-tany 30Ha. Ankoatra izany dia hiampy ny faritra hisitraka ity fandaharanasa ity.

**R. Muray**

“MVola”

# Nosokafana amin’ireo tambajotram-pifandraisana hafa

Mitombo ny tambajotra mampiasa MVola. Nampahafantarina tamin’ny fomba ofisialy omaly teny Andraharo ny tolotra “MVola Fô”. Azo ampiasaina amin’ny tambajotram-pifandraisana rehetra mitondra ny laharana 032, 033, 034, 037, ary 038. Ny fananana ilay “Application MVola” anaty finday “Smartphone” no hahafahana mampiasa ity tolotra ity. Rehefa misokatra ny kaonty aorian’ny fisoratana anarana ao anatin’ny finday ihany, dia azon’ireo mpampiasa azy atao avy hatrany ny misitraka ireo tolotra ara-bola rehetra ao anatin’ny MVola. Tafiditra ao anatin’izany ny fahafahana manao petra-bola sy misintona vola amin’ireo toeram-pivarotana MVola manerana ny Nosy, mandefa vola, mividy fahana amin’ny finday, manao findramam-bola, sns. Azo atao koa ny mamahana vola ny kaonty amin’ny alalan’ireo karatra amin’ny banky sy ny mandray vola avy any Ivelany. “*Ity tolotra vaovao ity dia manome fahafahana ny Malgasy rehetra hanokatra kaonty MVola na amin’ny tambajotram-pifandraisana inona na inona. Mitovy avokoa ny saran’ny fampiasana ny tolotra amin’ireo tambajotra rehetra ireo. Ny tanjonay dia hanamora ny fisitrahan’ny Malagasy rehetra tolotra ara-bola mora sy tsara kalitao.* », hoy Ramiandrisoa Liana, tomponandraikitry ny serasera eo anivon’ny MVola. Marihina fa efa mahatratra eo amin’ny 13 tapitrisa ireo olona mampiasa MVola manerana ny Nosy.

**R. Muray**




**Fampahafantarana ny “MVola Fô” teny Andraharo. (Sary : Kelly R.)**

Fikambanana Mii'zara sy ny CSB II

# Niara-nanatanteraka hetsika ara-pahasalamana teny Ambatolampy Tsimahafotsy





**Nandritra ny hetsika niarahan'ny fikambanana Mii'zara sy ny CSB II teny Ambatolamp y Tsimahafotsy.**

Noho ny fahitana fa mirongatra ny tazomoka ankehitriny, ny fahitana fa tsy ampy sakafo ireo zaza ao amin’ny EPP sy fokontanin’Ambohimarina. Betsaka koa ireo zaza tsy mihinana odinkankana. Nisy ny hetsika ara-pahasalamana niarahan’ ny fikambanana Mii’zara niaraka tamin’ny CSB II teny Ambatolampy Tsimahafotsy ny alarobia teo. Araka izany, nanao fitiliana mikasika ny tazomoka sy nanome fanafody teo anivon’ny CSB II ho an’ireo rehetra voamarina fa mitondra otrikaretina izy ireo. Nentanina amin’ny fandrindram-piterahana ihany kola ireo vehivavy noho ny fahitana fa maro anaka izy ireo any ambanivohitra ary nisy fizahana sy fizarana fanafody maimaimpoana. Raha ny antontan’isa azo, dia 3 tamin’ireo 10 nanao fitiliana no nahitana ilay aretina. Nisy koa ny hetsika fanaovana vakisiny sy ny fanentanana ary fampianarana ireo ankizy momba ny fikajiana ny aty vava.

**Fizaham-pahasalamana**

Olona manodidina ny 350 no tonga teny an-toerana, nahitana mpianatra sy ray aman-dreny ary olona teny amin’ny manodidina nanao fizaham-pahasalamana. Nisy 38 ireo nanao “dépistage” amin’ny resaka tsy fanjarian-tsakafo ka olona 7 tamin’izay no tena hita fa tranga mampatahotra na «cas grave». Tena kely tsy ampy lanja ary ankizy. Miisa 30 no nanao «dépistage d’hypertension artérielle» na fitiliana ny tosidrà ambony. Zaza miisa 6 no natao vakisiny. 22 ireo nanao fandrindram-piterahana. 18 ireo zaza nozahana tamin’ ny resaka nify ary horaisin’ ny CSB II an-tanana. Manodidina 220 ireo nozaraina odin-kankana. Miantso ireo malala-tanana afaka hiarakiasa aminy moa ny fikambanana Mii’zara, Ramatoa Fafah Rarivo, mba ho fanampiana hatrany ireo mpiara-belona, satria dia mbola miankina tanteraka amin’izy ireo irery ny fandaniana amin’izany hetsika rehetra hatreto.

**Niry R.**

Fitaterana an-tanan-dehibe

# Hanaovana fikaonan-doha eny Ivato

*Hodinihina amin'io fotoana io ny fanatsarana ny fomba fiasan'ireo taksibe.*




Fampahafantarana tamin'ny mpanao gazety ny fikaonan-doha amin'ny 24 sy 25 avrily. (Sary nindramina)

Mandringa ny sehatry ny fitaterana. Hotanterahina amin'ny 24 sy 25 avrily ho avy izao, eny amin'ny CCI Ivato, ny Fikaonan-doha momba ny fanatsarana ny fitaterana an-tanàn-dehibe eto Antananarivo. Hiaraka hifanakalo hevitra amin'ireo andro roa ireo ny avy amin' ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetr' andro, ny Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny tany, ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ny CODATU, ary ireo mpisehatra amin'ny fitaterana an-dalambe eto amin'ny faritra Analamanga. Araka ny fampahafantarana natao omaly teny amin'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetr' andro Anosy omaly, dia hiompana amin'ny teboka efatra lehibe ny lahadinika amin'ireo andro roa ireo, dia ny fitantanana ny fifamezivezena, ny fanatsarana ny fomba fiasan'ireo taksibe, ny fitrandrahana karazam-pitaterana maro samihafa, ary ny fametrahana rafitra stratejika. Andrasana aorian' ity fikaonan-doha ity ny hampivoatra ny asam-pitaterana eto Antananarivo, izay heverina atomboka amin'ny fitrandrahana ny "Rocade", na lalana mizotra hainga manodidina ny tanàna. Santatra am-bavarano ny eto Antananarivo fa kasaina haparitaka any amin'ny faritra ity tetikasa ity. Raha jerena manokana ny lafiny fifamezivezena eto Antananarivo dia ny fitohanam-boivoy noho ny fahateren'ny lalana sy ny faharatsian'ny fotodrafitra no tena mametraka olana. Efa nisy ny fametrahana fotodrafitrasa vaovao nataon'ny fitondram-panjakana raha tsy hilaza afa-tsy ny lalam-baovao mampitohy an'i Tsarasotra sy Ivato ary ny "Rocade"-n'Iarivo, saingy tsy nahava tanteraka ny olana izany. Ny fantatra koa dia hiampy ny fitaovam-pitaterana eto an-dRenivohitra, satria efa mananga-sanga any ny fitaterana an-tariby mihantona, na ny "Teleferika", sy ny fitaterana an-dalamby, na ny "Train urbain".

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### "Telomiova" !

Any Ramala,

Angamba efa fantatrao Ramala ilay karazam-boninkazo antsoina hoe « telomiova » eto amintsika. Somary avoavo izay ny tahony sady midoroboka izy. Ny nanaovana ny anarany hoe «telomiova » dia satria manana loko telo karazany ny felany, dia ny volomparasy, ny fotsy, ary ny mena. Efa toetra voajanahary mampiavaka ilay voninkazo io izany Ramala. Tsy izany ihany fa voninkazo mahafinarika afaka mandravaka tsara ny zaridaina izy. Amin'ny ankapobeny ny karazana voninkazo dia misy asany sy manana ny dikany avokoa. Izay ny amin'iny fa hivadika zavatra hafa indray, saingy mahakasika ny tanintsika ihany. Anisan'ny vaovao farany izao Ramala ny fahatongavan'ireo fitaovana goavana nohafarana avy any ivelany, izay hamokatra angovo amin'ny alalan'ny herin'ny masoandro. Tena tsara tokoa ilay izy satria antenaina hamaha ny olana misy eo amin'ny fahatapahan'ny jiro sy herinaratra lava eto amintsika ity. Fa tao anatin'ny fandraisana ireo fitaovana ireo ihany koa Ramala no nanambaran'ny manampahefana avy any an-dapa fa hoe vahiny avy any dilambato avy amin'ny tany iray ao amin'ny kaontinanta andrefantsika ao hoe no hafarana hanao ny fanarenana ilay orinasa miankina amin'ny fanjakana mpamatsy jiro sy mpamokatra herinaratra io. Tsy vitan'ny hoe namana ilay tany iavian'ilay vahiny hanarina ny orinasa mpamokatra herinaratra eto amintsika io Ramala fa toa hoe efa ampy traikefa ary efa nahavita nanao fanarenana tany aminy koa. Inona moa no maharatsy an'izany raha hamaha olana sy hahavita hanarina ilay orinasa eto amintsika izany Ramala. Fa hono ho'aho Ramala, efa fanimpiriny amin'izao tokoa moa izany no nosoloina na novaina ny olona na orinasa hanarina ny orinasa mpamokatra hetrinaratra eto amintsika io ? Tsy indray mandeha na indroa fotsiny na tsy atao hoe "telomiova" aza ilay izy. Tsy nahomby ve izy ireo sa dia niala fotsiny no antony anoloana azy? Ary tsy izany ihany fa ny fanontaniana hafa manitikitika ny saina koa Ramala dia hoe « ny mpiray tanindrazana amintsika ve izany tsy misy mahavita manarina ilay orinasa mpamokatra jiro sy herinaratra tsy mety tafarina io ? ». Kanefa anie Ramala lazaina fa mba mahavita azy ihany ary manana manampahaizana ny tanintsika e ! Sa ve tsy azo itokisana ny manampahaizana eto amintska fa izay ampanaovina ilay fanarenana dia manodinkodim-bola daholo ? Efa lava izay Ramala fa aleo aloha faranana amin'izay ny androany, ho hita eo ihany ny ho tohiny.

Vidim-bary

# Mahatratra 5 600 Ariary ny kilao any Diana




Toy izao ny vidim-bary eto Antananarivo Renivohitra.

Mividy vary lafo ny Malagasy. Any amin'ny faritra ivelan' Antananarivo no tena miaina izany. Ao amin'ny faritra Diana ohatra dia efa mahatratra 5 600 Ariary ny kilaon'ny vary Gasy. Mananika ny 4 800 Ariary ny kilaon'ny Makalioka ao amin' ny faritra Sava. Tafakatra hatrany amin'ny 4 900 Ariary ny kilaon'ny makalioka ao amin'ny faritra Sofia. Raha ho an'ny faritra Analamanga manokana, indrindra fa ny eto an-dRenivohitra, dia efa nanao filazana ny fanjakana fa nidina ny vidim-bary. Nisy fidinany tokoa ny vidim-bary teny an-tsena, saingy hita ho mbola midangana ihany, satria efa tena mihoatra ny fahefa-mividin'ny vahoaka sahirana. Amin'ireo vary zanatany ohatra dia ny tsipala no mora indrindra, satria 2 800 Ariary ny farany mora. Tsy misy latsaky ny 3 000 Ariary kosa ny kilaon'ny makalioka sy ny vary gasy tamin'ireo toerana nolalovanay teto an-dRenivohitra, ary nisy tamin'ireo aza mbola mahatratra 3 300 Ariary ny kialaony. Raha ny tokony ho izy dia mifarana amin'ity volana avrily ity ny fotoanan'ny maitso ahitra. Efa manomboka miakatra araka izany ny voka-bary raha tsy hilaza afa-tsy ny vary vaky ambiaty avy amin'ny faritra Alaotra, izay jinjaina manomboka amin'ny vola avrily ka hatramin'ny volana jona. Any amin'ny vola jolay kosa vao manomboka miakatra ny vary jeby avy amin'ny faritra Marovoay ary tsy mifarana raha tsy amin'ny volana septambra. Tokony hidina hatrany araka izany ny vidim-bary, saingy raha araka ny fitenenana dia mahafatra-po fa tsy mahavita taona ny voka-bary aloha.

**R. Muray**

## Ragasy

Imerimandroso

# Fasana roa vaky, razana 11 nisy nangalatra

Nisehoana vaky fasana tany amin'ny kaominina Imerimandroso afakomaly, ka razana miisa 11 no tsy hita popoka fa nangalarin'ny olon-dratsy nandritra izany. Akory ny hatairan'ny olona tany an-toerana raha nahita ny fasana nisokatra tamin'io andro io tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro. Raha vao naheno izany ny sefo fokontany dia nampandre haingana ny mpitandro filaminana. Tsy niandry ela ihany koa ny zandary avy ao Imerimandroso raha nandre mikasika izany fa avy hatrany dia nankany amin'ilay toerana nisy ny fasana vaky. Efa tonga tany rahateo ireo tompom-pasana tamin'io fotoana io. Araka ny fantatra dia fasana roa mifanakaiky ireto nisy namaky ireto, izay samy manana ny tompony. Araka ny fanazavana dia razana roa no tao amin'ilay fasana voalohany ka ny iray no lasan'ny olon-dratsy. Raha ny tao amin'ilay fasana faharoa kosa dia tany amin'ny 15 tany ho any ny razana tao ka lasan'ireo mpamaky fasana ny folo ka ny dimy sisa no tavela. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo olon-dratsy ataon'ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao. Nentanina ihany koa ny fokonolona mba hampandre an'ireto farany raha manana angom-baovao mikasika ity tranga ity.

**T.H**

Andry Rajoelina

# Miroso amin'ny angovo azo havaozina, hisy mpitantana vahiny hanarina ny Jirama

Nitohy amin'ny fitsidihana ireo tetikasa lehibe atao ao Toamasina ny dian'ny filoha Rajoelina sy ireo mpikambana eo anivon'ny Governemanta izay tarihin'ny praiministra Ntsay Christian, omaly. Anisan'izany ny fandraisana amin'ny fomba ofisialy ireo fitaovana hametrahana herinaratra amin'ny herin'ny masoandro, na ny "parcs solaires". Ity tetikasa ity dia hiompana amin'ny fampitomboana ny tahampisitrahana herinaratra manerana ny Nosy, ary hanenana ny fandaniana ny solika ho an'ny Jirama. Izany hoe hiroso amin'ny angovo azo havaozina ny fanjakana ary efa fanombohany sahady ity fidinana ifotony nataon'ny Filoha tao Toamasina ity. Nomarihin'ny filoha Rajoelina fa mikoroso fahana na "faillite"ny Jirama noho ny fandaniana mihoapanana. Noho io dia ho vahana ny krizin'ny orinasa ka amin'ny volana MAI ho avy izao hoy izy no ho tonga eto Madagasikara ny olona hisahana ny fanarenana an'ny Jirama. Io olona io no hanao ny fandaminana ny krizy ka hisandrahaka amin'



Mitady vahaolana maharitra ho an'ny herinaratra ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina.

ny sehatra na "entité" maromaro izany. Hisy ohatra ny hisahana manokana ny "redressement financier" ary hiandraikitra ny "redressement technique". Io olona io dia efa nanaporofo ny fahaizamanaony, satria izy ihany koa no nitantana ny fanarenana ny orinasa mpamokatra herinaratra ao Rwanda izay nisedra olana lehibe tahaka ny Jirama ankehitriny. Taorian'ny fifampidinihina sy ny fantina nataon'ny fanjakana sy ny banky iraisam-pirenena no nisafidiana azy io, araka ny nambaran'ny filoha Rajoelina hatrany.

### Fitsitsiana

Mikasika ilay tetikasa angovo azo havaozina dia voalaza fa distrika 47 no hametrahana ireo fitaovana ireo manerana ny faritra 18. Mitentina 286 miliara ariary ny teti-bola tamin'ny fanafarana ireo fitaovana ary mbola ho avy ny fitaovana entina manamboatra sy mitatitra azy ireo any amin' ny toerana hametrahana azy tsirairay avy. "Raha tanteraka ity tetikasa ity dia hatrany amin'ny 19 tapitrisa litatra any ho any ny fitsitsiana solika, ka manodidina ny 85 miliara ariary ny fitsitsiana ho an'ny Jirama. Manaraka izay, dia "*panneaux solaires*" 75 000 isa no andrasana ho avy eto an-toerana ary efa misy tonga ny ampahany amin' izany, araka ny fanazavana hatrany. Raha atambatra dia mamokatra herinaratra "50 mégawatts" ireo "parcs solaires" rehetra hapetraka ireo. Izany dia entina mampitombo ny tahan'ireo olona fisitrahana herinaratra. Tafiditra tao anatin'ny fandaharam-potoan'ny Filoha ihany koa ny fijerevana ireo "groupe électrogènes" lehibe nohafaran'ny fanjakana hampiasain'ny orinasa Jirama. Voalaza fa efa tamin'ny volana janoary no tonga ao amin'ny seranatsambon'i Toamasina ireo , saingy noho izy ireo mavesatra, milanja 70 taonina ny iray, dia mbola mila fandinihina ny fitanterana azy ireo any Antananarivo sy ireo toerana hafa. Hahazo tombony kosa ny ao Toamasina raha mahazo amin'ireo "groupes électrogènes" ireo, dia hatomboka faran'izay haingana ny fametrahana izany, mba hamahana haingana ny olan'ny famatsiana herinaratra ao an-toerana.


### Paikady fanarenana ny jirama

Notsiahivin'ny filoha Rajoelina ihany koa fa mahatratra 250 tapitrisa dolara, na 1 200 miliara ariary ny fandanian' ny Jirama amin'ny fividianana solika hanodinana ireo milina mpamokatra herinaratra. Izany indrindra no nanosika ny fitondrana nametraka paikady entina manena ilay fandaniana. Isan'izany ny fitadiavanana famatsiam-bola nividianana sy hametrahana an'ireo "parcs solaires", ny fanafarana an'ireo "groupes électrogènes" miodina amin'ny "fuel lourd" mba hanenana ny vola lany amin'ny fividianana gazoala sy fanofana "groupe" amin'ireo orinasa tsy miankina.

**Deyland**

Toamasina

# Nofaranan'ny filoha tamin'ny fitokanana zava-bita ny fitsidihany



Ilay birao vao notokanana.

Feno ny fandaharam-potoan' ny filohan'ny repoblika tao Toamasina. Anisan'ny notanterahiny omaly ny fitokanana ny zava-bita, biraon'ny fitaleavam-paritry ny minisiteran'ny asa, ny fampananana asa ary ny asampanjakana ho an'ny faritra Atsinanana. Teo koa ny fitokanana ny lalana rarivato tao Mangarivotra ary ny fanaraha-maso ny fizotran' ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa maro tao an-toerana. Tsapa fa miezaka mamaha ny olan'ny vahoaka ao Toamasina ny fitondrampanjakana. Tahaka ity biraon'ny fitaleavam-paritry ny minisiteran'ny asa, ao Bazary Kely ity. Ny taona 2019 no efa nangatahan'ny minisitera ny hananganana azy io, izao hisokatra amin' ny fomba ofisialy izao. Araka ny angom-baovao azo dia hanala fahasahiranana ho ny mponina mpisitraka raharaham-panjakana ny fisian'izao birao izao. Hatreto dia biraon'ny fitaleavam-paritry ny minisitera miisa 15 no efa vitan'ny fanjakana ka ity tao Toamasina ity ny fanimpolony notokanana. "*30 taona mahery no tsy nisy ny fananganana fotodrafitrasa toy izao teto amintsika. Zava-dehibe izany satria hahafahana mampiditra ny mpiasa ao amin'ny tetikasa "Augure" ary manampy amin'ny taratasy fisotroandronono ihany koa. Eo koa ny fanatsarana ny asampanjakana"* : hoy ny lahatenin'ny Filoha Rajoelina, nandritra ny fitokanana ity birao ity,omaly.

### Rarivato

Ankoatra izany dia Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny lalana rarivato na ( Pavé 2151-2152) mampitohy fokontany roa eto Toamasina renivohitra. Mirefy 500 metatra ity lalana rarivato ity ary faly ny vahoaka ny amin'ny fazahoana izany. Raha teo aloha ny mponina niaina tao anaty fotaka mandrevo dia efa lasa nofy izany, araka ny hita tany an-toerana. « Tonga eto indray aho hitokana ity lalana rarivato 2152 ity. Misaotra anareo makantia ahy ary tiako ihany koa ianareo. Izay no ahatongavako eto androany. Betsaka ireo lalana simba sy potika eto Toamasina. Ny ankamaroan'ny lalana rehetra dia amboarina ary hatao "béton". Miisa dimy izy ireo, ary mbola amboarina daholo ireo lalana simba rehetra", hoy ihany ny filoha Rajoelina.Nananararaotra koa ramatoa Naharimamy Irma filoha lefitry ny Antenimierampirenena, fa fokontany isan'ireo nanome vato zato isan-jato an'ny filohampirenena ireto fokontany nisitraka lalana rarivato ireto. Nampita ny hafatr'ireo sefo fokontany, izay mbola tsy naharay ny tambinkaramany amam-bolana koa ramatoa filoha lefitra. Teo ihany koa ny fangatahana ny amin'ny tokony hanaovana ny lano-nana fanomezana mari-boninahipirenena an'ireto sefo fokontany ireto.

**Deyland**



Vita tsara tarehy ny lalana ao Mangarivotra Toamasina.

# TENY REHETRA TENY



Tontosa teny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena omaly ny fifamindram-pahefana teo amin'ny Filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha Rtoa Razanamahasoa Christine sy ny depiote Rabenirina Jean Jacques, Filohan'ny Antenimierampirenena mpisolo toerana.



Nanafatra ny hitandroana ny fahamarinana hatrany Rtoa Razanamahasoa Christine tamin'izany. Dia nifamihana izy roa.



Mahavita azy ny Malagasy eo amin'ny asa famoronana.




Santionany amin'izany ity " drone " ity.



Tanterahina ao amin'ny lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena Mahamasina nanomboka omaly ary tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy 20 avrily ho avy izao ny hetsika "tokotany be".



Ny hampiroborobo ireo orinasa misehatra amin'ny kolontsaina sy ny famoronana no tanjona amin'izany.

## Sarisary zary tenany

**Mihoatra**




## Hatsikana an-tsary

**Tratra**





## Masoandro miposaka

**TITOSY 2 : 1-2**

**Fa ianao kosa dia milazà izay miendrika ny fampianarana tsy misy kilema*; [* Gr. salama]**


**2 ny lehilahy anti-panahy anaro hahonon-tena, ho maotona, ho hendry, hatanjaka* amin'ny finoana, amin'ny fitiavana, amin'ny faharetana.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny lanitra tsy ferana, ny maso-andro tsy zehena, ny tany tsy refesina.**

Le ciel n'est pas limité, le soleil n'est pas mesuré, la terre est incom-mensurable.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3223**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 9 | | 1 | | 8 | | |
| | 4 | | | 7 | | | 3 | |
| 7 | | 6 | 8 | | 2 | 5 | | 1 |
| | 9 | | 7 | | 4 | | 8 | |
| | | | | 2 | | | | |
| 1 | | | 6 | | 9 | | | 3 |
| | | 7 | | | | 2 | | |
| | | | 2 | | 7 | | | |
| 5 | | 4 | | | | 9 | | 8 |

Valin'ny laharana **3223**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 9 | 1 | 4 | 7 | 6 | 5 | 3 | 2 |
| 7 | 5 | 6 | 3 | 2 | 1 | 8 | 9 | 4 |
| 2 | 3 | 4 | 8 | 9 | 5 | 7 | 6 | 1 |
| 1 | 4 | 3 | 7 | 5 | 9 | 6 | 2 | 8 |
| 5 | 7 | 8 | 6 | 4 | 2 | 3 | 1 | 9 |
| 6 | 2 | 9 | 1 | 3 | 8 | 4 | 5 | 7 |
| 3 | 1 | 5 | 2 | 8 | 7 | 9 | 4 | 6 |
| 9 | 6 | 7 | 5 | 1 | 4 | 2 | 8 | 3 |
| 4 | 8 | 2 | 9 | 6 | 3 | 1 | 7 | 5 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Tsy voatery hisehoseho hampahafantatra amin'ny hafa hoe olo-marina ianao. Ataovy tsara hatrany ihany izay rehetra azo atao sy tokony ho anjaranao. »

**Ny Vetso (30.10.16)**

("Soyez une bonne personne mais ne perdez pas votre temps à le prouver.")

Camion Tour - Star

# Hianatsimo atsinanana sy Atsimo andrefana indray



**Fampiroboroboana ny lalaon-tsaina fanorona sy ny kolontsaina malagasy ny Festival Fanorona.**

Taorian'ny fahombiazana nandritra ny Star Tour tao Antsirabe, misy ny fitetezam-paritra ataon'ny Camion Tour. Hanomboka ny 20 aprily hatramin'ny faran'ny volana may izany ka ny tapany Atsimo Atsinanana sy Atsimo Andrefana no hotsidihina. Tanana dimy no hampiantrano ny hetsiky ny Star ka hiezaka hampiala voly ny olona amin'ireo toerana ireo. Hisy ny fijanonana voalohany ao Ambositra Antampon'i Vinany ny 20 aprily. Avy eo, Ifanadiana eny amin'ny Lapan'ny Vahoaka ny 25 aprily, hitohy any Manakara amin'ny Verdure Manakara Be ny 27 aprily. Aorian'izay dia hihazo an'i Miandrivazo eny amin'ny kianjan'i Betsiriry indray ny ekipa ny 2 mey ary higadona farany any Morondava eo amin'ny kianja Beach Soccer Sans Fil ny 4 mey 2024. Ny tanàna tsirairay dia handray ny fanentanana sy hetsika podium miaraka amin'i Barhone manomboka amin'ny 10 ora maraina ary hisy ny loka hozaraina araka ny tolotra ara-barotra amin'ireo toeram-panjifàna eny an-toerana tsirairay. Horaisin'ny DJ JIM an-tanana kosa ny fanafanana ny fety anaty ambiansy « Soa ny fiarahantsika ».Aorian'ity fitetezam-paritra voalohany ity dia hiverina an-dalana indray ny ekipan'ny STAR amin'ny CAMION TOUR manaraka amin'ny tapaky ny volana mey, izay hambara tsy ho ela. Nilaza i Miasy Andriamoria, miandraikitra ny hetsika sy ny fanohanana eto anivon'ny Star. Aorian'ity fitetezam-paritra voalohany ity dia hiverina an-dalana indray ny ekipan'ny STAR amin'ny Camion Tour manaraka amin'ny tapaky ny volana mey, izay hambara tsy ho ela.

**Nath**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 642 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Trondro miaraka amin'ny legioma

**Zavatra ilaina :** trondrondranomasina, karaoty, ovy, haricot vert, voatabia, tongolo, menaka, sira, hanitra isan-karazany.

**Fomba fahandroana azy :** karakaraina atao madio tsara ny trondro. Rehefa avy sasana dia tetehana ihany koa ireo karazana legioma Atao mialoha ny saosy, dia zaraina roa. Rehefa vita dia arotsaka miaraka ireo legioma. Afangaro tsara amin'ny antsasaky ny saosy. Apetraka eo ambonin'ireo legioma ny trondro efa misy sira sy novontosana hanitra isan-karazany. Rehefa vita izay dia arotsaka eo ambonin'ny trondro ny saosy ambiny. Asiana rano mba hahamasaka azy. Avela ho ritra tsara.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**13 avril au 19 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Dessins animés
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Film Action
22.00 : Film Romantique
23.30 : Journal international
00.15 : Film Aventure
02.00 : Documentaire
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

**VIVA**

01.45 : Film
03.21 : Film
04.51 : Clips : Misy Raha ®
05.21 : Journal : Viva Événement VM ®
06.03 : Culte : Tsara taiza
06.08 : Information : Minute Fihariana ®
06.11 : Clips : Christian music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av Po : ARROW
08.16 : Série : Star Wars : The Clone Wars
08.39 : Série : Parks and Recreation
09.09 : Série : Mr and Mrs Smith ®
09.59 : Film
12.08 : Série k-drama : My demon ®
13.18 : Viva Prod : LALANA ®
13.28 : Clips : Misy Raha
13.58 : Film
15.54 : Sport : Top Chrono ®
16.20 : Série k-drama : Série My demon
18.30 : Viva Prod : Game in ®
19.03 : BET 261
19.30 : Viva Prod : Viva Événement VM
20.30 : Viva Prod : Viva Événement VF
20.50 : Talk-show : DATA
21.22 : Film nouveauté
23.17 : Viva Prod : Viva Événement ®
23.57 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

**K**

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**RECORD TV**

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTIS-SEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination Malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

************

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Tsipy kanetibe - Amboaran'i Madagasikara

# Tsy nahazo rariny ny fitorian'ny klioba ABMI

*Ambara fa voatazona ny maha- tompon'ny amboaran'i Madagasikara ny ekipan'ny UBM.*



**Tsy mitombina ny fitorian'ny ABMI, hoy ireto mpitantana ny FSBM ireto omaly.**

Rehefa nojerena tamin'ny antsipiriany dia tsy azo noraisina ny fangatahana nataon'ny klioban'ny Amical Bouliste Mandrosoa Ivato (ABMI). Io no fanapahankevitra noraisin'ny Federation Sport Boule Malagasy (FSBM) herinandro aty aorian'ny nahavitan'ny fifaninanam-pirenena. Nambaran'ny filoha mitantana vonjimaika ny FSBM, Andrianirina Adrien, fa 2 andro taorian'ny fahavitan'ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara tany Antsirabe(5-7 avrily)lasa teo dia nandefa taratasy milaza ny hanesorana ny anaram-boninahitra azon'ny UBM, noho ny fifindran-toeran-dRazafinirina Jeannie Alexander ny filohan'ny klioba ABMI, Razafinarivo Miarimanana. Manoloana izany, nivory tetsy Mahamasina ny alarobia 17 avrily lasa teo ny komity mpitantana ny FSBM, ka nijery ireo andinindalàna sy ny fitsipika iraisam-pirenena mifehy ny tsipy kanetibe malagasy sy ny iraisam-pirenena. Nahita izy ireto fa tsy mitombina ary tsy azo raisina ilay fitoriana satria araka ny andininy faha-31 ao amin'ny federasiona iraisam-pirenena sy ny federasiona nasionaly mpikambana, izay efa nankatoavina ny volana desambra 2020, izany. Voalaza ao anatin'izany fa atao amin'ny mpitsara ny fitarainana rehetra. Tsy azo raisina intsony izany, raha toa ka tontosa hatramin'ny farany ny lalao. Noho izany, hoy ny filohan'ny FSBM, ambara fa voatazona ny maha- tompon'ny anarambonahitra "amboaran'i Madagasikara" ny ekipan'ny UBM (Union Bouliste Manjaka), nahitana an'i Faly Donald sy i Hery Nirina ary i Jeannie Alexander. Izy ireo no hisolo tena an'i Madagasikara any amin'ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika, hotanterahina ny 6 hatramin'ny 9 jona atsy Casablanca Maraoka. Mahakasika ity FSBM ity hatrany, nanambara ny filohany fa efa miandry ny valin'ny sazy avy amin'ny FIPJP isika, satria dia efa nisy fivoriana nandinihan'izy ireo izany. Manantena moa ireto mpitantana ny FSBM ireto fa ho fanapahankevitra tsara no ho azontsika, satria dia efa narahina avokoa ireo fepetra sy teboka napetraky ny Iraisam-pirenena.

**Rabenaivo**

Volley - Analamanga U-14F

# Hiditra amin'ny lalao miverina

Hanomboka rahampitso ny fihodinana miverina amin'ny fiadiana ny Tompondakan' Analamanga, ho an'ny sokajy latsaky ny 14 taona, taranja Volleyball. Efa fantatra avokoa ny fandaharan-dalao tanterahana etsy amin'ny kianjan'ny Saint Michel Amparibe. Tsiahivina, fa 4X4 no mpilalao mifanandrina amin'ity, izay tafiditra sahady amin'ny fanofanana sy fikolokoloana ireo mpilalao handimby ny zokiny any aoriana any. Hatreto dia mahavelom-bolo sy mampisy fanantenana ny fahitana ny fahavitrihan'ny ankizy mandray anjara amin'ity andiany ity. Hanomboka amin'ny 8 ora maraina ny fifaninanana, ka mila mitondra "copie" ny mpilalao miaraka amin'ny kara-pilalaovana. Hifandona mandritra izany ny ASSM sy ny GNVB3. Andrasan'ny maro kosa ny fihaonan'ny GNVB1 sy ny GNVB2. Eo ihany koa ny fifandonan'ny GNVB3 sy ny GNVB1 ary ny ASI hifandona amin'ny ASSM. Mbola ady tsy vita koa ny fihaonan'ny GNVB2 amindry zareo ASSM ary ny GNVB1 sy ny ASI ihany koa dia samy hiaro ny rambony tsy ho tapaka. Izany hoe, hahita lalao mahafinaritra sy miady ireo rehetra ho avy etsy amin'ny kianjan'ny Saint Michel Amparibe. Antenaina fa tsy hisy ny olana mety hanaratsy endrika ny fifaninanana, ka mba samy hanara-dalàna avokoa ny mpifaninana rehetra.

**Rabenaivo**

Diamanga vaovao

# Nampahafantarin'i Parfait R. ny mpianatra Ankatso ny fisiany

Ny alarobia lasa teo tetsy amin'ny Axian University Andraharo dia nisy ny famelabelaran-kevitra mahakasika ny diamanga vaovao. Rakotonindriana Parfait no nitarika sy nanazava izany, ary fangatahan'ireo mpianatra amin'ny taona faharoa amin'ny lalam-piofanana Hay fiaraha-monina "sociologie", eny Ambohitsaina sy ny Ecole 42 Galaxy. «Ny hanampy ny mpianatra malagasy ho tafita sy hampivelatra ity taranja mampiavaka an'i Madagasikara ity no nanekeko hampianatra ireto tanora eny anivon'ny oniversite Ankatso ireto", hoy i Parfait. Nampahatsiahiviny fa tanjona ny hampahafantatra ny Diamanga manerana an'izao tontolo izao. "Toy ny haiady taekwondo, karate, judo ny diamanga", hoy hatrany Rakotonindriana Parfait, ary efa ela no nisy teto amintsika saingy nangingina izany. "Nosafidianay manokana ny diamanga, hoy ny solontenan'ireo mpianatra, satria dia anisan'ny kolontsaina malagasy izy ity, tanjonay, ny hizara sy hampahafantatra amin'ireo zandry any aoriana ny tena atao hoe diamanga, ka mba tsy ho levona ny lanjan'izany eto amintsika", hoy hatrany ireo mpianatra. Nohamafisin-dRakotonindriana Parfait fa raha ny tena tantaran'ny diamanga dia tsy ampy ny iray andro nifampizarana tamin'ireto mpianatra ireto, saingy ezahaina, hoy izy, ny hanome ireo teboka lehibe, mba hahazoan'ny ankizy ilay tena heviny sy dikany. Efa maro ireo sekoly nizaran'i Parfait izay fantany mahakasika ity haiady ity, ka nohamafisiny fa manaiky ny fangatahana hatrany izy rehefa antsoina hifampizara, indrindra ho an'ireo tanora hoavin'ny firenena, ka tokony hahafantatra tsara ny tantarampirenena.

**Rabenaivo**



**Liana tamin'ny famelabelaran-kevitra ireto mpianatra ireto.**

PASI PASI

Ratsimbazafy Andrianandrainarinisa Jean

# Tsy nanery ny zanany hanao judo fa efa tao anatin'ny rány

*Fianakaviana iray mpanao judo indray no vahinintsika anio.*

*Ratsimbazafy Andrianandrainarinisa Jean ( Doda no nahalalan'ny maro azy).*

73 taona izy, nanao aikido sy judo tao Toliary tamin'ny andron'ny JCT. Efa tsy mikatroka intsony fa manaraka ny zanany sy zafikely mijery sisa amin'izao. Tamin'ny taona 1969 tao Toliary no nanomboka nanaovany izany, mbola vazaha no nampianatra, Mtre Werner sy Mtre Victor. 5 mianadahy ( 4 vavy ary 1l ahy) ny zanany ka samy nanao judo avokoa izy 4 mianadahy ary efa nandrafitra ny ekipampirenena malagasy ny 3 (Hanitra, Zo ary Tiana Ratsimbazafy), i Lalakely kosa dia efa nanao judo tao amin'ny klioban'ny St Michel ary avy eo nanao ny taranja Volleyball. I Nirina kosa dia nanao soradihy tao amin'ny tarika Tsingory. Mbola narahin'ireo zafikeliny izany, izay mandrafitra ny ekipa frantsay amin'ny taranja judo sy ny eto an-toerana. Nitaiza tanora maro ny tenany, ary tsy nanery ireo zanany nanao judo fa tena fitiavana, ary noho izy ireo maro vavy dia io no hitan'ity rainy ity fa fanatanjahantena nety tamin'izy ireo. Mahafinaritra ny miaraka manao fanatanjahatena, indrindra rehefa ny mpianakavy no miaraka. Ankoatra ny judo, ny fialamboly tena tian'izy ireo dia ny miaraka milalao tsipy kanetibe, ary anisan'ny tena ankafiziny ny mitsangantsangana manao randonne miaraka amin'ny fianakaviana. Hafatra natsipiny ho an'ny fianakaviana ny hoe « tsara ny manao fananjahatena, indrindra fa ny miaraka amin'ny fianakaviana, ary mitaiza ny vatana hanana fahasalamana, fampisehoana ireo zanaka sy zafy fa tsara ny fanatanjahatena ary mampiray hina ny fianakaviana. Manentana antsika rehetra hanao fanatanjahatena sy hampianatra ireo zanantsika hanao izany fa mahasoa ny sports ary mahatafita rehefa miaraka amin'ny fianarana ».



**Anatin'ny ràn'ny fianakaviany ity taranja Judo ity.**

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Manodidina an'ilay herisetra nianjady tamin'ny mpitsara lalao teny amin'ny kianjan'Imerintsiatosika hatrany no hitondrana fanampim-panazavana sy fanakianana etoana. Ny ankamaroan'ny olona nahita an'ilay "vidéo" dia tsy misy nanome rariny an'ilay lehilahy mpidaroka mihitsy. Misy kosa anefa ny sasany mbola alaim-panahy, miaro an'ilay nampiasa herisetra hatrany. Mahita lazaina fa tsy tokony hatontona amin' ilay mpidaroka samirery ny andraikitra fa ny *"hitsiki'-tsika tsy mandihy foana fao ao raha"*.


**Tsy azo lavina ny didiny**

Manoloana ny trangan-javatra tahaka ireny dia ampahatsiahivina etoana ny fanambarana nataon'ny mpanazatra anankiray, ampitaina amin'ny mpilalao miatrika fihaonana, fa tompon'ny fahefana eny ambony kianja ny mpitsara lalao, ary masi-mandidy amin'ny fanapahan-kevitra raisiny. Hoy indrindra ilay mpanazatra, manana ny lazany amin'ny fitantanana baolina kitra eto amintsika izay : "*Na baolina tafiditra any anaty harato aza no lavin'ny mpitsara dia ekena. Fanapahan-keviny tsy azo ivalozana !* ". Araka izany na mafy aza ilay "didy" dia tsy azo lavina fa mitombina. Mikasika ny fikasihan-tanana mpitsara, na avy amin'iza na avy amin'izy, dia tsy azo ekena mihitsy, na inona na inona antony voalaza fa nahatonga an'izany. Raha misokatra ny fanadihadiana atao amin'iny olona iny dia tsy ho sarotra ny fikarohana atao. Tsy saro-pantarina ny tarehiny sy ny mombamomba azy. Misy mantsy milaza fa tsy avy tamin'ny ekipany izy iny, tsy fantany. Somary nahavariana tamin' ny fisian'iny herisetra iny indrindra ihany koa anefa, ny tsy fandraisana andraikitry ny mpitandro filaminana, nanao ny fisamborana. Ankoatra ny fanasaziana nataon'ny federasionina dia mahagaga ihany koa ny fianakaviamben'ny mpitsara lalao. Tsy mbola nanao fanambarana, manameloka sy maneho tsy fankasitrahana tamin'ny fahavoazan'ny namany. Tsetsatsetsa tsy aritra no anehoana fa tsy ho vita mora iny raharaha iny raha mametraka fitoriana ilay mpitsara lalao. Ny fisian'ny mpijery baolina miditra eny ambony kianja toy ireny no maha saropiaro ny mpitantana ny baolina kitra eran-tany (FIFA) amin'ny tokony hanaovana kianja manarapenitra. **aris rafaly**

## Izy no izy

Razafindrabe Edson

# Tia mampita ankizy amin'ny fianarana sy ny filalaovana baolina kitra



Tsy mikely soroka amin'ny fikolokoloana ny mpilalaony.

Raim-pianakaviana mandany ny androm-piainany amin'ny fitaizana ny ankizy sy ny tanora amin'ny fikolokoloana ny fiainana arapanahy sy ny fampirisihina azy ireny hilofo amin'ny fianarana, Atoa Razafindrabe Edson. Tsy ataony ambanin-javatra ihany koa anefa ny fanentanana azy ireny, hankafy fanatanjahantena amin'ny alalan'ny fanaovana baolina kitra, hiarovana amin'ny fanendrena zava-mahadomelina, izay anaovany fampianarana manokana amin'ny tsy tokony hanendrena azy ity. Manoloana an'izany indrindra dia nambarany fa : "*Noezahiko ampifanindranan-dàlana ny fanaovana fanatanjahantena sy ny fianarana, satria raha tsy tafita amin'ny fianarana ny mpilalao sasany dia mba any amin'ny baolina kitra no misandratra amin'ny talentany. Eo anatrehan'izany dia mitady namana aho, hanome tanana amin'ny fanampiana ny ankizy sahirana.* Nomeny ohatra amin' izany ny mpilalaony Eliot, nobeazina sy novolavolaina tao amin'ny sokajin-taonan' ny "U13" sy "U15" ao amin' ny ekipan'ny FC VIVA. Toraka izany koa i Soloniaina Razanakoto, izay ankizy nandalo fahasahiranana kanefa amin'izao fotoana izao efa nivoaka injeniera tany amin'ny oniversite Politekinika Antsiranana. Ankoatra an'izany, izay nahavita fianarana dia ezahany hitadiavana asa, na eto an-toerana izany na hatrany ivelan'ny firenena. Teo amin'ny lafiny arapanahy indray dia misy ny resy lahatra ka lasa nianatra Pastora. Araka izany dia nanteriny fa tsy ataony ambanin-javatra ny fampianarana sy ny fahaizana milalao baolina kitra, izay mahatafita tokoa rehefa milofo sy miaritra amin'ny filalaovana an'ity taranja ity. Eo amin'ny fihanaky ny zava-mahadomelina, indrindra ny "herroïne" sy ny "cocaïne", izay tena mirobo-robo fatratra ny fanendrena azy, dia nitondrany fanamarihana manokana ny fanampiany ny tanora.

**Harato hitoriany an'i Jesosy Kristy Tompo**

Teo amin'ny fitaomana ny ankizy sy ny tanora amin'ny fankafizana baolina kitra, dia tsy nionona fotsiny tamin'ny fanentanana ambava ny tenany. Nanapakevitra izy ka nanangana ny Foot-ball Club Vavahadin' Iarivo Vatolampin'Antehiroka (FC VIVA) teny amin' iny faritra Antehiroka iny. Nambarany fa anisan'ny antony lehibe nanangana sy nampijoroany ny kliobany dia ho : "*Harato iray ahafahako mitory an'i Jesosy Kristy Tompo amin'ny ankizy sy tanora amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ireo Pastora namana. Ny "étude biblique" niarahana koa tamin'ny mpiara-mamaky ny Baiboly. Nataoko ho vaindohan-draharaha io satria fototra iorenan'ny fampandrosoana ny Finoana an'i Jesosy Kristy Tompo. Eo indrindra ihany koa ny fampianarana momba ny voka-dratsin'ny zava-mahadomelina*". Sokajin-taona maro no volavolain'ny FC VIVA, toy ny latsaky ny 13 sy 15 ary 17 taona. Miampy ny "Senior" lehilahy, izay tafita hiatrika ny dingan' ny 1/16-ndàlana amin'ny "Telma Coupe de Madagascar 2024", hifandona amin'ny USCAFoot, etsy amin'ny kianjan'Alarobia rahampitso sabotsy 20 aprily 2024 (2 ora). Anisan' ireo mpilalao "cadres" andrin'Antehiroka amin'ity fihaonana ity ry Zo Kely, Mamy, Setra Be, Rojo Be ary Erika. Ankoatra ny maha mpitantana azy dia efa nilalao kitra ny lehilahy teo amin'ny fahatanorany fa tsy tamin'ny ekipa vaventy. Nitana ny toeran'ny irakiraka havia sy ny lohalaharana mpanafika ihany koa izy, tamin'ny fifaninanana nokarakarain'ny Section Ambohidratrimo. Anisan'ny fifaninanana ankafizin'Atoa Razafindrabe Edson ka nandraisan'ny FC VIVA anjara foana ny "Tournoi National "-n'ny AJESAIA. Nanomboka tany amin'ny kianjan'Ambalavao Tsienimparihy tamin'ny taona 2002 ka hatramin'ny fifaninanana farany teo, izay natao tany Ambatolampy. Tsara ho fantarina fa vao vita ny fianarany dia niditra niasa teny amin'ny Hopitaly Loterana Ambohibao izy, mandraka ankehitriny. Andraikitra maro no sahaniny ao amin'ity toerampitsaboana ity dia ny : "*Manipulateur Radiographie, Surveillant, Conseiller en Toxicomanie"*. Ankoatra ny baolina kitra dia mihira sy milalao volley-ball ihany koa ny fialamboliny. Niteraka efatra mirahalahy tamindRtoa Razanatsoa Victorine izy. Nisy nilalao tao amin'ny AS Adema ny sasany tamin'ireo zanany ireo.

**aris rafaly**



Ekipa misandratra amin'ny filalaovana kitra.


"Ligue des Champions 2023-2024"

# Nangoron-damba koa i Manchester City sy Arsenal

Toy ny FC Barcelone sy ny Atletico de Madrid, dia nitsahatra hatreo amin'ny dingan' ny ampahefa-dàlana koa ny dian'ny Manchester City sy ny Arsenal, ekipa samy avy any Angletera, nanoloana ny Real de Madrid (Espagne) sy ny Bayern de Munich (Allemagne).

Tamin'ny fandakana "tirs au but" 4 no ho 3 no nanilihan' ny "madrilenes" ny "citizens". Nisaraka 1 no ho 1 ny ekipa roa tonta, nandritra ny 120 minitra nilalaovana. Ampatsiahivina fa nisaraka 3 no ho 3 ny Manchester City sy ny Real de Madrid tamin'ny lalao ampahefa-dalana mandroso, natao tany Espagne. Teo amin'ny fizotran'ny lalao tamin'ny ankapobeny dia nanantombo tamin'ny lafiny rehetra ny mpilalaon'i Pep Guardiola, raha nianoka tamin'ny valim-panafihana haingana kosa ny mpilalaon'i Carlo Ancelotti. Teo amin'ny fihaonan'ny Bayern de Munich sy ny Arsenal kosa indray, dia navotan'i Josuah Kimmich ny "bavarois", tamin'ny nampidirany baolina tokana teo amin'ny faha-63 minitra nilalaovana. Raha natambatra tamin'ny baolina tafiditry ny Alemàna tany amin'ny tanin'ny Anglisy dia nanantombo 3 no ho 2 ny Bayern de Munich. Nisaraka ady sahala 2 no ho 2 mantsy ny ekipa roa tonta tamin'ny lalao ampahefadàlana mandroso. Araka izao voka-dalao dia hifampitady amin'ny lalao manasadàlan'ny fiadiana ny tompondakan'i Eraopa 2023/ 2024 ny Real de Madrid sy ny Bayern de Munich.

**a.r**



Nisafidy nanidy trano ny mpilalaon'i C. Ancelotti.